# NY TOVANA

TANJONA

- Manavaka ny tovana amin’ny tsirin-teny hafa
- Mamantatra ny karazana tovana fahita
- Mamantatra amin’ny ankapobeny ny fiovana endrika hita ao amin’ny fototeny notovanana

LESONA HOTADIDIANA

## NY TOVONA

**A.Famaritana**

Ny tovana dia ireo tsirin-teny izay mipetraka aorian’ny fototeny. Indro ny tovana mahazatra

| Tovana | Ohatra |
|---|---|
| -ina | Antsoina |
| -ana | Sangiana |
| -o | Sasao |
| -a | Mivoria |
| -y | totoy |

**B.Ny fiovana rehefa mampiasa tovana**

- Ho an’ny fototeny tsy miafara amin’ny -ka, -tra, -na fa miafara amin’ny -y nefa tsy azo tovanana avy hatrany ny fototeny, dia misolo ho ‘e’ io faranteny io, ary miavaka tsara ny zanapeo voalohany amin’ny tovana -ina na -ana, ary ampiana fanatsaram-peo na fanita-pototeny ‘s’ na ‘z’ na ‘v’ eo anelanelan’ny fototeny syn y tovana.

Oh : venty ventesina (Ventesina ny hira. )

- Raha miafara amin'ny -ka, -tra, -na ny fototeny dia alatsaka ny zanapeo 'a' ary manaraka ny lalam-piovan-drenifeo :

| | | |
|---|---|---|
| 'k' | miova ho | 'h' na 'f' |
| 'tr' | miova ho | 't' na 'r' na 'f' |
| 'n' | miova ho | 'm' |

Oh: Vokatra >> vokarina (Vokarina ny tsaramaso.)

**Sahanasa 1**

Indro misy teny vitsivitsy. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovana hita ao anatiny.

hiraina, herezina, sotroina, arovana, sotroina, sokafana: , kapohy, tereo, torio

Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovana hita ao anatiny.

**Sahanasa 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tovana ireto fototeny ireto.

Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

| | |
|---|---|
| Refy | Tratra |
| Hety | Tefy |
| Valy | Satroka |
| Antso | Tapaka |
| Jono | Taratra |
| Velona | |